



SONNET

1. Famaritana

Asasoratra mirindra amoahan'ny mpanoratra vetsovetso amin'ny alalan'ny talenta sy aingam-panahy ny tononkalo. Mety ahitana andininy tokana na maromaro izy.

Azo fintinina hoe fampitana hafatra ataon'ny poeta ny tononkalo.

2. Ireo karazana tononkalo

Azo atao ny manasokajy ho roa ny tononkalo :

2.1 Ny tononkalo manara-drafitra na mirindra

Manara_drafitra ny tononkalo iray raha ahitana andalana mitovy isaky ny andininy, mitovy halava ary ahitana rima.

Ohatra:

HIRAM-BETSOVETSO

Soratako ny hirako
Aty an-tsisin-tany,
Ka izy no mba irako
Hanony izay tomany.

O! hira tsy marevaka
Fa kalon'olona ory,
Malalaka sy malefaka
Fanaoko raha matory

Ny zava-manodidina
Manomboka ho sina
Ny saiko ,injay misidina,
Miakatra mangina!

Ny maso ampakarina
Ry havako tomany,
Lazaiko marimarina
Fa manina aho izany!

Katody izao ny hirako,
Taty an-dafin-tany ;
Ka enga anie ny hirako
Hanony izay tomany!

NY AVANA
Ny Mpandinika n°27
30 mai 1924

Misy ihany koa ny tononkalo raiki-drafitra antsoina hoe "Sonnet": rafi-tononkalo nindramina tamin'ny vahiny, izay ahitana andalana 14 sy andininy efatra; ka ny andininy roa voalohany dia ahitana andalana efatra avy fa ny andininy roa farany kosa dia ahitana andalana telo avy. Mpanoratra malagasy mpandrafitra ny tononkalony amin'izany i [Dox](#).

- _____

- _____

- _____

- _____

- _____

- _____

- _____

-
- _____
 - _____
 - _____
 - _____
 - _____
 - _____
 - _____

Ohatra:

PAISO

Tafatsiry indray ny maitso
Eo an-tokontaninay
Rako-pelana ny paiso
Mavokely ranoray

Tafafoha maraina aho
Hifoka izato rivo-manitra
Eny anelanelan-taho
Manga ery ny volon-danitra

Eny ambony rantsan-kazo
Indreny ny vorona mivazo
Am-panaovana ny akany

Toa hisy azy fatratra
Ny lohataona vao misantatra
Any ambanivohitra any

2.2 Ny tononkalo malala-drafitra

Tononkalo tsy voatery hanaraka ny endriky ny tononkalo manara-drafitra.

3. Ny rima

3.1 Famaritana:

Ny fitovian'ny feo isan'andalana manomboka eo amin'ny ngadona farany ny atao hoe: **Rima**

Zana-peo mitondra ny tsindry ny **ngadona**. Antsoina hoe **tsaikona** kosa ireo zana-peo tsy mitondra ny tsindry. Ny fifandimbiasan'ireo no atao hoe **ba**.

Ohatra amin'izany ireto vanin'andalana ireto:

Lila = $\perp U$: ngadona tsaikona

Ralila = $U\perp U$: tsaikona ngadona tsaikona

Taralila = $UU\perp U$: tsaikona tsaikona ngadona tsaikona

-

3.2 Ireo karazana rima

Misy karazany roa ny rima :

Ny rima araka ny laharam-pisehoany:

❖ Rima mifanjohy :

aa bb

Ohatra1:

Tranobongon'olon-tiana a

Aono misy fifaliana a

Ao izay toy ny fahantrana b

Hasambarana mazàna b

Ohatra2:

Raha toa manadino aho, ry Nosy malala a

Ny rako mafana anie hamanala a

Raha toa tsy inona no andrin'ny foko b

Ny androko sisa ho feno toloko b

❖ Rima mifaningotra : **ab ab**

Ohatra1: Ry foko ô tsarovy a
Ny ivahiniana b
Tsy rano ray mitovy a
Fa soratra zandiana b

Ohatra2: Omeo anay ry fiainana a
Ny mamy aminao b
Ny ora itarainana a
Tapero sy ravao b

❖ **Rima mifampisakambina: a bb a**

Ohatra1: Raha izany sombinaina a
Raha izany no niafaran'ireo nandrasana
hijery b
Sy hitondra fanafody hanasitrana ny
fery b
Iza indray no antenaina a

Ohatra2: Eritreritra miampita no manainga ny
vinany a
Mba hanembona mazana 'lay akany
nisehoana b
Ka ny foko manina azy dia misentosento
foana b
Saingy tsy afaka manaoatra noho ny
elanelan-tany a

Toy izao kosa ny fomba fijerin'i Jupiter :

Araka ny voninahiny sy ny anarany avy. Nataon'i Jupiter mba hifankahazoan'ny Poètes sy hifampiresadresahany ny amin'ny raharaha fanaony:

Ny Poésie RAMIARY

Voninkazo tsotra sady tsy misy fofony , nefa mba tian'ny samoina izaitsizy. Ny andalany 1e sy 4e no miady , ary 2e sy 3e kosa no miady :

Ny ditra nataoko fahiny,
Hafoko tsy hataoko intsony;

Ny diso natao mba sarony,
Ka mba hadinoy re ny tsiny!

Ny Poésie DALIA

Voninkazo tsara tarehy, tsara bika, kanefa tsy manana fofona manin-tona ny fanamboloana. Tsara indrindra ho haingon'ny latabatra rehefa vitan'ny mpahay azy am-pehezana. Ny andalana midanelanelana no miady :

Izaho no ray aman-dreny
Dia havana tsy mba hamboina;
Mangina fa aza miteny,
Izaho no hisolo-voina.

Ny Poésie ROSE

Ilay voninkazo fantatry ny be sy ny maro, tsara tarehy sady manitra, ayr noho ny fitiavany azy, dia hadino ny rangotry ny tsilony. Ireny no ataon'ny tia ho marika ny fitiavany ny malalany, ka faly ery izy mametraka azy amin'ny lava-bokotry ny akanjony . Ny anadalana roa aloha no miady, ary ny roa aoriana kosa no miady:

Misava ny sento rehetra,
Mionona fa tsy mitsetra,
Rehefa ny tia no miteny,
Matoky rehefa ekeny.

Ny Poésie VIOLETY

Voninkazo manetry tena, manan'endrika mateza dinihina tsy mba fidin'ny mpanao maso vao sy ny tia rendrarendra, nefa mampiherika ny mpandalo sy mampitodika ny maika , amin'ny fofony mandraraka izay mahavonto ny rivotry ny habakabaka. Andalana enina izy, ka ny telo aloha miady, ary ny telo aoriana miady. Mahalana ny Poète no mampiasa azy.

Ny hanta sy angolangola;
Fanaony rehefa midola.
Kanefa tsy mahatola;
Fa raha mihaotra ny vala,
Hanaikitra toy ny tsingala,
Hafoko fandrao manadala.

Ny Poésie LISY

Ilay voninkazo fotsy toy ny oram-panala , ary mangatsohatso toy ny ando avyan'efitra , izay nofidina ho fara-fampisehoam-pifaliana, rehefa tanteraka ny fikasan'ny ampakarina. Izy no andravahana ny firavany miaraka amin'ny vonim-boasary ; ka irina indrindra ny hahazo aminy, na dia sombiny kely aza. Ny fofony dia minitra toy ny fitiavana. Miady avokoa ny andalana rehetra aminy.

Ny foko tsy an'olon-kafa,
Na zovy no ta-hanatsafa,
Ny tia tsy manova tafa,
Anio sy ny omaly tsy tafa.

Ireo no filaharana izay mahazatra ny Poète sy ampiasainy madrakariva, kanefa mbola misy antokony hafa koa izay ambony sy tsara kokoa noho ireo; ary indro halahatra eto izy :

Ny Poésie DALIA VOLAFOTSY

Ny filaharany dia toy ny Dalia ihany , fa izy kosa dia miady amin'ny fiantombohana koa ny fiafarana :

Miteny ny ray aman-dreny,
Manoa ny zaza no soa,
Ekeny ny anatr'omeny,
Ho voa ny mpiroaroa.

Ny Poésie ROSE VOLAFOTSY

Ity koa dia toy ny Rose ihany, nefa mitovy koa ny voalohany sy ny farany isan'andalana.

Ny fony tsy rotr'antsony,
Fa tony tahaka ny ony;
Adala izay mankalaza
Voavala ny fon'Imalala

Ny Poésie VIOLETY VOLAFOTSY

Sahala amin'ny violety ihany,fa ny farany kosa dia sahala amin'ny fiantombohana:

Ny tianao na mahavariana,
Vangina dia mahasondriana;
Oviana no mba nihafiana!
Safidy ka sarotr'amidy;

Mangidy tsy laitram-panidy;
Tsy didy fa fo vita hidy

Ny rima araka ny hafenoany

Rima feno mihoatra : mitovy manomboka eo amin'ny zana-peo mitondra ny tsindrim-peo farany, miampy ny renintsoratra eo alohany na mihoatra

Ohatra : ... *tanteraka*
 ... *niteraka*

Rima feno : mitovy avokoa ny feo manomboka eo amin'ny ngadona farany

Ohatra : ... *tomandavana*
 ... *mavamavana*

Rima zara fa feno : mitovy ny feo manomboka eo amin'ny ngadona farany saingy misy renifeo tsy itoviany.

Ohatra 1: ... *aloha*
 ... *loha*

Ohatra 2: ... *matroka*
 ... *vasoka*

Sary rima na zara fa izy: ny zana-peo farany mitondra ny ngadona ihany no mitovy

Ohatra : ... *vonton-drà*
 ... *lehilahy*